## MINISITERAN' NY FAMPIANARANA AMBARATONGA AMBONY

### DIDIM-PANJAKANA LAHARANA FAHA-2002-569

**mamaritra ireo andraikitra sy fomba fampandehanana ireo sampana samihafa miandraikitra ny fiarovana amin' ny loza ateraky ny taratra mamorona iona sy ny fitantanana ny faika voavaikan-taratra eto Madagasikara.**

Ny Praiminisitra sady Lehiben' ny Governemanta,

Araka ny Lalàmpanorenana,

Araka ny lalàna laharana faha-97-041 tamin' ny 2 janoary 1998 mikasika ny fiarovana amin' ny loza ateraky ny taratra mamorona iona sy ny fitantanana ny faika voavaikan-taratra eto Madagasikara,

Araka ny lalàna laharana faha-99-028 tamin' ny 3 febroary 2000 mikasika ny Fehezan-dalàna momba ny ranomasina,

Araka ny hitsivolana laharana faha-62-052 tamin' ny 20 septambra 1962 amoahana hanan-kery ny Fehezan-dalàna famaizana sy ireo rijan-teny taty aoriana,

Araka ny hitsivolana laharana faha-92-024 tamin' ny 8 jolay 1992 anangànana ny Fehezan-dalàna malagasy momba ny fifamoivoizana an' habakabaka sivily,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-92-869 tamin' ny 30 septambra 1992 anangànana ny Ivotoeram-pirenena momba ny siansa sy ny teknika nokleary,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2002-450 tamin' ny 16 jona 2002 manendry ny Praiminisitra sady Lehiben' ny Governemanta,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2002-451 tamin' ny 18 jona 2002 manendry ny mambra ao amin' ny Governemanta,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2002-271 tamin' ny 27 mey 2002 manondro ny anjara raharahan' ny Minisitry ny Fampianarana ambaratonga ambony, ary koa ny fandaminana ankapobe ny minisiterany,

Araka ny tolokevitry ny Minisitry ny Fampianarana ambaratonga ambony,

Eo am-pivorian' ny Governemanta.

Dia mamoaka izao didim-panjakana izao :

Andininy voalohany. – Ho fampiharana ny lalàna laharana faha-97-041 tamin' ny 2 janoary 1998, ny fiarovana amin' ny loza ateraky ny taratra mamorona iona sy ny fitantanana ny faika voavaikan-taratra eto Madagasikara dia apetraka ho andraikitry ny manampahefana eto amin' ny Firenena momba ny fiarovana sy ny fahazoan' antoka amin' ny taratra ("ANPSR") ampian' ireo rantsana ara-teknika voafaritra ao amin' ny andininy faha-15 etsy ambany.

## MINISTERE DE L'ENSEIGNEMENT SUPERIEUR

### DECRET N° 2002-569

**fixant les attributions et le fonctionnement des divers organes chargés de la protection contre les dangers des rayonnements ionisants et de la gestion des déchets radioactifs à Madagascar.**

Le Premier Ministre, Chef du Gouvernement,

Vu la Constitution,

Vu la loi n° 97-041 du 2 janvier 1998 relative à la protection contre les dangers des rayonnements ionisants et à la gestion des déchets radioactifs à Madagascar,

Vu la loi n° 99-028 du 3 février 2000 portant Code maritime,

Vu l'ordonnance n° 62-052 du 20 septembre 1962 portant promulgation d'un Code de procédure pénale malgache et les textes subséquents,

Vu l'ordonnance n° 92-024 du 8 juillet 1992 portant institution d'un Code malgache de l'aviation civile,

Vu le décret n° 92-869 du 30 septembre 1992 portant création de l'Institut national des Sciences et Techniques nucléaires,

Vu le décret n° 2002-450 du 16 juin 2002 portant nomination du Premier Ministre, Chef du Gouvernement,

Vu le décret n° 2002-451 du 18 juin 2002 portant nomination des membres du Gouvernement,

Vu le décret n° 2002-271 du 27 mai 2002 fixant les attributions du Ministre de l'Enseignement supérieur ainsi que l'organisation générale de son ministère,

Sur proposition du Ministre de l'Enseignement supérieur,

En conseil de Gouvernement,

Décrète :

Article premier. – En application de la loi n° 97-041 du 2 janvier 1998, la protection contre les dangers des rayonnements ionisants et la gestion des déchets radioactifs sont placées sous la responsabilité de l'Autorité Nationale de Protection et de Sûreté Radiologique (ANPSR) assistée par les organes techniques définis à l'article 15 ci-dessous.

LOHATENY VOALOHANY

**MANAMPAHEFANA ETO AMIN' NY FIRENENA MOMBA NY FIAROVANA SY NY FAHAZOAN' ANTOKA AMIN' NY TARATRA ("ANPSR") FITSIPI-PITONDRANA, FIRAFITRA, ANJARA ASA SY FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA**

And. 2. – Ny "ANPSR" no manampahefana ara-pitantanana ara-tampony miandraikitra ny fiarovana amin' ny loza ateraky ny taratra mamorona iona sy ny fitantanana ny faika voavaikan-taratra eto Madagasikara.

And. 3. – Miankina amin' ny Primatiora ny "ANPSR" ary ny foibeny dia ao Antananarivo.

And. 4. – Ny "ANPSR" dia tarihin' ny Praiminisitra sady lehiben' ny Governemanta na ny solontenany.

Mpikambana ao anatin' ny "ANPSR" ireto olo-manan-kaja tanaraka ireto :

– solontena iray isaky ny minisitera nomem-pahefana ara-dalàna hanao izany ary mitovy laharana amin' ny tale jeneralin' ny minisitera farafahakeliny,

– ny Tale jeneralin' ny Ivotoeram-pirenena momba ny siansa sy teknika nokleary.

And. 5. – Araka ny andininy faha-3 amin' ny lalàna laharana faha-97-041, ny "ANPSR" dia miandraikitra indrindra ny :

– fanomanana ireo rijan-tenin-dalàna sy fitsipika mifandraika amin' ny fiarovana amin' ny taratra sy ny fitantanana ny faika voavaikan-taratra;

– famaritana sy fanazavana ireo andraikitry ny vondrona samihafa voakasik' izany;

– fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny tena fampiharana ny famarafaran-teny sy ireo fepetra voalazan' ny lalàna voalaza etsy ambony sy ny rijan-teny fampiharana azy.

Ankoatr' izany ny "ANPSR" dia miandraikitra :

– ny fampiharana ny politika nolanian' ny Fanjakana mikasika ny fiarovana amin' ny fitantanana ny faika voavaikan-taratra sy ireo olana mifandray aminy;

– ny fandrindrana sy ny fanaraha-maso ny fiarovana amin' ny taratra amin' ny fampiasana "radioéléments", taratra mamorona iona, taratra manimba ny olombelona ary ny tontolo iainana eto Madagasikara indrindra indrindra any amin' ny toeram-pampianarana eny amin' ny Oniversite, hopitaly, toeram-pitsaboana, orinasa manamboatra fanafody, akora simika, indostria sy fitrandrahana harena an-kibon' ny tany ary koa ireo hita eo amin' ny sehatry ny fikarohana, ny fambolena vokatra atao sakafo ary ireo fanamboarana akora ho an' ny mpanjifa;

– ny fanomezana ireo fahazoan-dàlana voalaza ao amin' ny andininy faha-8 etsy ambany ary koa ny fanambarana ny fanavaozana, ny fampiatoana ary ny fanafoanana azy ireo;

– ny fanaovana sy ny famoahana isan-taona ny lisitr' ireo vondron-draharaha ofisialy misahana ny fanadihadiana ny teknika nokleary;

– ny fankatoavana ireo vondron-draharaha manolotra fangatahana ho amin' ny fampanaovan-draharaha momba ny fitantanana ny fako voavaikan-taratra vokarin' ny hafa;

– fanendrena ireo mpiasa sy manamboninahitra momba ny fiarovana amin' ny taratra sy ireo mpiasa sy manamboninahitra amin' ny fanaraha-maso ny faika voavaikan-taratra, araka ny fanolorana nataon' ny vondron-draharaha ara-teknika, ka ireo mpiasa ireo dia tsy maintsy manao fianianana mialoha ny fandraisany ny asany, araka ny tokony hilazana azy;

– fanombohana ny fanenjehana na ny fampiraharahana amin' ireo nandika fitsipi-dalàna momba ny fiarovana amin' ny taratra na amin' ny fitantanana faika voavaikan-taratra.

And. 6. – Ny "ANPSR" dia :

– manapaka ny fitsipika anatiny mifehy azy sy ny fomba fampandehanan-draharaha anatiny;

TITRE PREMIER

**DE L'AUTORITÉ NATIONALE DE PROTECTION ET DE SURETÉ RADIOLOGIQUE (ANPSR) : STATUT, COMPOSITION, ATTRIBUTIONS ET FONCTIONNEMENT**

Art. 2. – L'ANPSR constitue l'autorité administrative suprême en matière de protection contre les dangers des rayonnements ionisants et la gestion des déchets radioactifs à Madagascar.

Art. 3. – L'ANPSR est rattachée à la Primature et siège à Antananarivo.

Art. 4. – L'ANPSR est présidée par le Premier Ministre, Chef du Gouvernement ou son représentant.

Siège au sein de l'ANPSR les personnalités suivantes :

– un représentant de chaque ministère dûment mandaté et ayant au moins le rang de directeur de ministère;

– le Directeur général de l'Institut National des Sciences et Techniques Nucléaires.

Art. 5. – Conformément à l'article 3 de la loi n° 97-041, l'ANPSR a pour mission notamment de :

– préparer les textes législatifs et réglementaires se rapportant à la radioprotection et à la gestion des déchets radioactifs;

– définir et de clarifier les responsabilités des différentes entités concernées;

– de prendre des décisions relatives à l'application effective des prescriptions et des mesures édictées dans le cadre de la loi sus-visée et ses textes d'application.

En outre l'ANPSR est chargée de :

– mettre en œuvre la politique adoptée par l'Etat en matière de sûreté de gestion des déchets radioactifs et des problèmes qui s'y rattachent;

– coordonner et superviser la radioprotection concernant les utilisations des radioéléments, des rayonnements ionisants, des rayonnements nuisibles à l'humanité et à l'environnement à Madagascar, notamment dans les établissements universitaires, hospitaliers, médicaux, pharmaceutiques, chimiques, industriels et miniers ainsi que dans les divers domaines de la recherche, de l'agro-alimentaire et de la fabrication de divers produits de consommation;

– délivrer les autorisations prévues à l'article 8 ci-dessous ainsi que de prononcer leur renouvellement, leur suspension ou leur annulation;

– établir et publier la liste annuelle des organismes officiels d'expertise de techniques nucléaires;

– agréer les organismes présentant une demande aux fins de sous traitance de la gestion des déchets radioactifs produits par des tiers;

– nommer les agents et officiers de radioprotection, les agents et officiers de contrôle des déchets radioactifs sur proposition des organes techniques, lesquels agents doivent prêter serment selon les termes avant leur prise de fonction;

– déclencher les poursuites ou transiger avec les auteurs d'infractions à la réglementation, sur la radioprotection ou sur la gestion des déchets radioactifs.

Art. 6. – L'ANPSR :

– arrête son règlement intérieur et les modes de son fonctionnement interne;

– mamaritra ny fandaharan' asa ao anatin' ny sehatry ny iraka nampiandraiketiny azy;

– mamaritra ny fombafomba ara-pitantanana amin' ny fidirana an-tsehatry ny rantsana ara-teknika;

– mandany ny vinavinan' ny tetibola isan-taona;

– manara-maso sy mankato ny fitantanana ny tetibola.

And. 7. – Amin' ny ankapobeny, ny "ANPSR" dia manatanteraka ireo andraikitra rehetra hafa izay tafiditra ao anatin' ity didim-panjakana ity na ao anatin' ny rijan-tenin-dalàna sy fitsipika hafa.

And. 8. – Ny "ANPSR" irery ihany no hany fahefana afaka manome ny alalana mialoha, takian' ny lalàna laharana faha-97-041 tamin' ny 2 *janoary 1998 ary mikasika indrindra :*

– ny atrikasa na asa mitarika fiatrehana amin' ny taratra mamorona iona;

– ny fitaterana akora voavaikan-taratra;

– ny famokarana sy fitantanana faika voavaikan-taratra;

– ny fitaterana faika voavaikan-taratra;

– ny fanariana na fanafoanana faika voavaikan-taratra ranony na entona na avy aiza na avy aiza ny fiaviany.

And. 9. – Mivory ara-potoana in-droa isan-taona ny "ANPSR". Mivory tsy ara-potoana isaky ny misy ilàna azy ny "ANPSR" rehefa ampiantsoin' ny filohany na ny mpitan-tsoratra mpanatanteraka.

Ny filohan' ny "ANPSR" dia ampiandraiketina ny fiantsoana fivoriana ary mamaritra ny fandaharan-draharaha amin' izany.

Ny "ANPSR" dia mivory ara-dalàna rehefa manatrika eo ny ankamaroan' ny mpikambana ao aminy. Na izany aza anefa, raha misy hamehana *tena lehibe, dia afaka mivory ny "ANPSR" na firy* na firy isan' ny mpikambana.

Ny fanapahan-kevitry ny "ANPSR" dia raisin' ny ankamaroan' *ny mpikambana tonga manatrika eo.*

And. 10. – Ny fanapahan-kevitra avy amin' olona izay noraisin' ny "ANPSR" dia azo dinihana indray raha angatahan' ilay olona manao izany.

Amin' izany dia omena fahefana "ANPSR" hitaky ny fijoroana ho vavolombelona na haka ny hevitr' izay olona rehetra fantany fa ilaina amin' ilay raharaha.

And. 11. – Ny "ANPSR" dia manana sekretaria mpanatanteraka eo ambany fitarihan' ny mpitan-tsoratra mpanatanteraka tendrena araka ny didim-pitondrana ataon' ny Praiminisitra sady Lehiben' ny Governemanta, araka ny tolo-kevitry ny "ANPSR".

Ny mpitan-tsoratra mpanatanteraka dia tsy maintsy manamarina fa manana tsiahy matanjaka eo amin' ny lafiny *mahakasika ny fiarovana amin' ny taratra sy ny "radioactivité".*

And. 12. – Ny mpitan-tsoratra mpanatanteraky ny "ANPSR" no miandraikitra indrindra :

– ny fanomanana ny fivorian' ny "ANPSR";

– ny fanomanana ny vinavinan' ny tetibolan' ny "ANPSR";

– ny fanatanterahana ny fanapahan-kevitra noraisin' ny "ANPSR";

– ny fitantanana ny sorabola sy ny fananana omena hampiasain' ny "ANPSR";

– ny fanendrena ireo mpiasa ao amin' ny sekretaria mpanatanteraka izay ananany fahefana;

– ny fisoloan-tena ny "ANPSR" eo amin' ny raharaha misehoandavanandro sy amin' ny fitoriana samihafa izay mahatafiditra ny "ANPSR", indrindra eo amin' ny sehatry ny fitoriana fanenjehana;

– ny fanaovana ny tatitra isan-taona momba ny asa nataon' ny "ANPSR"

And. 13. – *Ny fandaminana ny sekretaria mpanatanteraka dia* faritan' ny "ANPSR".

– définit son programme d'activité dans le cadre de la missi qui lui est conférée;

– définit les modalités administratives d'intervention d organes techniques;

– adopte le projet de budget annuel;

– contrôle et approuve la gestion du budget.

Art. 7. – D'une manière générale, l'ANPSR exerce toutes autr attributions que renvoie à sa compétence le présent décret et to autre texte légal ou réglementaire.

Art. 8. – L'ANPSR est seule compétente pour délivrer l autorisations préalables requises par la loi n° 97-041 du 2 janvi *1998 et relatives notamment aux :*

– pratiques ou activités impliquant une exposition au rayonnements ionisants;

– transports des matières radioactives;

– production et gestion des déchets radioactifs;

– transports des déchets radioactifs;

– rejets ou éliminations des déchets radioactifs liquides gazeux de quelque origine que ce soit.

Art. 9. – L'ANPSR se réunit en session ordinaire deux fois p an. Elle se réunit en session extraordinaire toutes les fois qu'il e nécessaire sur initiative de son président, du secrétaire exécutif.

Le président de l'ANPSR est chargé de la convocation d réunions et en détermine l'ordre du jour.

L'ANPSR se réunit valablement en la présence de la major des membres qui la composent. Toutefois, en cas d'urgen *impérieuse, l'ANPSR peut se réunir quel que soit le nombre* membres.

Les décisions de l'ANPSR sont prises à la majorité d membres présents.

Art. 10. – Toute décision individuelle prise par l'ANPSR pe être soumise à son réexamen sur demande de la personne intéress

A cet effet, l'ANPSR est habilitée à requérir le témoignage la consultation de toute personne qu'elle juge utile pour le besoin la cause.

Art. 11. – L'ANPSR est dotée d'un secrétariat exécutif pla sous la direction d'un secrétaire exécutif nommé par arrêté Premier Ministre, Chef du Gouvernement sur proposition l'ANPSR.

Le secrétaire exécutif doit justifier de référence solides dans domaines touchant la radioprotection et la radioactivité.

Art. 12. – Le secrétaire exécutif de l'ANPSR est char notamment de :

– préparer les réunions de l'ANPSR;

– préparer le projet de budget de l'ANPSR;

– exécuter les décisions prises par l'ANPSR;

– gérer les crédits et les biens affectés de l'ANPSR;

– nommer les personnels du secrétariat exécutif sur lesquels i autorité;

– représenter l'ANPSR dans les actes de la vie civile et dans différents recours qui impliqueraient l'ANPSR, notamment dans cadre des actions répressives;

– établir le rapport d'activité annuel de l'ANPSR.

Art. 13. – *L'organisation du secrétariat exécutif est défine* l'ANPSR.

And. 14. – Raha sendra hamehana na tranga radiolojika na ho ny fitakian' ny toe-java-mitranga, ny "ANPSR" dia afaka ametraka komity eo an-toerana mpiditra an-tsehatra, miaraka amin' ny fifandrimbonana sy ny fanampian' ny minisitera sy mampahefana rehetra voakasik' izany.

And. 15. – Amin' ny fanatanterahana ny iraka hampanaovina y, ny "ANPSR" dia ampian' ny vondrona teknika miaro amin' ny atra "OTR" sy ny antokon-draharaha foibe Mpitantana ny faika avaikan-taratra "OCGDR"

And. 16. – Ankoatr' ireo vondron-draharaha voalaza etsy ambony, ny "ANPSR" dia afaka miantso ny fandraisan' anjaran' eo vondron-draharaha miankina na tsy miankina amin' ny anjakana, eto amin' ny firenena na any ivelany, raha heveriny fa ina izany.

And. 17. – Ny fandaniam-bolan' ny "ANPSR" dia toy izao indrindra :

– ny loloha amin' ny fampandehanan-draharaha, indrindra ny ny amin' ny karaman' ny mpiasa, ny lany amin' ny asa noho ny lirana an-tsehatry ny antokon-draharaha teknika;

– ny fandaniana isan-karazany;

– ny fandaniana amin' ny fampandehanan-draharahan' ny ANPSR" dia vatsian' ny Fanjakana amin' ny vola natokana ho azy.

Art. 14. – En cas d'urgence ou de risque radiologique ou si la situation l'exige, des comités locaux d'intervention peuvent être mis en place par l'ANPSR avec le concours et l'assistance de tous les ministères et autorités concernées.

Art. 15. – Pour l'accomplissement de sa mission, l'ANPSR est assistée d'un Organe Technique de Radioprotection (ORT) et d'un Office Central de Gestion de Déchets Radioactifs (OCGDR).

Art. 16. – Outre les organes ci-dessus, l'ANPSR peut faire appel à la contribution de tout organisme public ou privé, national ou étranger si elle le juge nécessaire.

Art. 17. – Les dépenses de l'ANPSR sont constituées notamment par :

– les charges de fonctionnement, notamment les charges de personnel, les charges d'intervention des organes techniques;

– les dépenses diverses;

– les dépenses de fonctionnement de l'ANPSR sont financées par les crédits qui lui sont affectés par l'Etat.

## LOHATENY II
## RANTSANA TEKNIKA MIARO AMIN' NY TARATRA "OTR" SY NY ANTOKON-DRAHARAHA FOIBE FITANTANANA NY FAIKA VOAVAIKAN-TARATRA "OCGDR"

### TOKO VOALOHANY
### Anjara raharahan' ny rantsana teknika

And. 18. – Ny "ANPSR" no manendry ireo antokon-draharaha andrim-pitondrana hiantoka ny asan' ny rantsana teknika miaro amin' ny taratra "OTR" sy ny antokon-draharaha foibe fitantanana faika voavaikan-taratra "OCGDR".

And. 19. – Ny "OTR" sy ny "OCGDR" voatendry, araka ny ika nampanaovina azy, dia manampy ny "ANPSR" eo amin' ny any *amin' ny alalan' ny fanatanterahana ireo asa ara-pikarohana ara-teknika mifandraika amin' ny asa ataon' ny "ANPSR".*

And. 20. – Ho fampiharana ny andininy faha-18 etsy ambony, "OTR" dia miandraikitra :

– ny fitantanana sy fandrindrana ny fanatanterahana ireo asa lirana an-tsehatra eo amin' ny lafiny fiarovana amin' ny taratra eto adagasikara;

– ny fanisana ireo loharanon-taratra sy ireo toerana napetraka apiasaina loharanon-taratra mamorona iona;

– ny manolotra mba hankatoavin' ny "ANPSR" ireo torolàlana a-teknika mikasika ny fampiasana sy fitrandrahana ireo toerana ety ahitana loharanon-taratra mamorona iona, ireo fepetra raisina ba ho fiarovana amin' ny loza mety hitranga sy ny miantoka ny najana ny fanatanterahana azy ireo;

– ny manolotra amin' ny "ANPSR" ireo fitsipika rehetra ikasika ny fiarovana amin' ny loza ateraky ny taratra mamorona na;

– ny fitandroana ny fampiharana ireo fepetra fiarovana sy naraha-maso ireo mpiasa, ireo fepetra fahazoan' antoka sy naraha-maso ireo toerana sy fitaovana voakasiky ny fitazonana sy mpiasana akora sy fitaovana manome taratra mamorona iona;

– ny fanaovana fanadihadiana manokana raha sendra voina;

– ny mametraka sy manova ara-potoana ireo volavolan-drafitra lirana an-tsehatra manokana raha sendra voina na voinjy taitra ary iantoka ny fandrindrana ny fanatanterahana izany;

– ny mampanao fiofanana amin' ny lafiny fiarovana amin' taratra na manome ny heviny amin ny zavatra raiketiny sy ny hombiazan' ireny fiofanana ireny;

## TITRE II
## DE L'ORGANE TECHNIQUE DE RADIOPROTECTION (OTR) ET DE L'OFFICE CENTRAL DE GESTION DES DECHETS RADIOACTIFS (OCGDR)

### CHAPITRE PREMIER
### Des attributions des organes techniques

Art. 18. – L'ANPSR désigne les organismes ou institutions qui seront chargés d'assurer les fonctions d'Organe Technique de Radioprotection (OTR) et d'Office Central de Gestion des Déchets Radioactifs (OCGDR).

Art. 19. – L'OTR et l'OCGDR ainsi désigné assistent l'ANPSR dans sa mission par la réalisation de toutes études et opérations *techniques afférentes à la mission de l'ANPSR.*

Art. 20. – En application de l'article 18 ci-dessus, l'OTR est chargé de :

– gérer et coordonner la mise en œuvre des moyens d'intervention en matière de radioprotection à Madagascar;

– recenser les sources et les installations mettant en œuvre des sources de rayonnements ionisants;

– soumettre à l'approbation de l'ANPSR les prescriptions techniques relatives aux utilisations et exploitations de ces installations, les mesures de prévention des risques qui en résultent et d'en assurer le respect de leur exécution;

– proposer à l'ANPSR toute réglementation relative à la protection contre les rayonements ionisants:

– veiller à l'application des mesures de protection et de surveillance fixées pour le personnel, les mesures de sûreté et de contrôle des installations et les équipements concernés par la détention et l'utilisation des substances et d'appareils émetteurs de rayonnements ionisants;

– réaliser des investigations indépendantes en cas d'accident;

– faire établir et maintenir à jour les plans d'intervention spécifiques en cas d'accidents ou de situations d'urgence et d'en assurer la coordination de l'exécution;

– organiser des formations dans le domaine de la radioprotection, y compris la chaîne alimentaire et l'environnement en général;

Ankoatr' izany, ny "OTR" sy ny "OCGDR" dia mahazo ıpahany amin' ny vokatra sy lamandy nambara na nifanarahana tramin' ny roapolo isan-jaton' ny tontaliben' io lamandy io.

And. 24. – Ny mpiasa sy ny manamboninahitra amin' ny ırovana amin' ny taratra, ny mpiasa sy manamboninahitra amin' fanaraha-maso ny faika voavaikan-taratra dia tendren' ny ANPSR" araka ny tolokevitra avy amin' ny "OTR" sy ny ›CGDR".

Ankoatra ireo olona natolotry ny "OTR" sy ny "OCGDR" ny ANPSR" dia afaka manendry olon-kafa izay fantany fa manana ny ikefa ilaina hahafahany manatanteraka ireo fanaraha-maso amin ' fiarovana amin' ny taratra sy/na amin' ny fitantanana faika avaikan-taratra.

Ny fanendrena ny mpiasa sy ny manamboninahitra amin' ny ırovana amin' ny taratra, ny mpiasa sy ny manamboninahitra ıin' ny fanaraha-maso ny faika voavaikan-taratra dia hamafisin' didim-pitondrana avoakan' ny Minisitra miahy ny "ANPSR".

And. 25. – Araka ny andininy faha-38 amin' ny lalàna laharana ha-97-041 tamin' ny 2 janoary 1998, ny mpiasa sy ny anamboninahitra amin' ny fiarovana amin' ny taratra, ny mpiasa ny manamboninahitra amin' ny fanaraha-maso ny faika ›avaikan-taratra dia tsy maintsy manao fianianana alohan' ny ndraisany ny asany.

Ny fianianana dia atao araka ny voalaza ao amin' ny andininy ha-132, andàlana 2 ao amin' ny Fehezan-dalàna famaizana.

And. 26. – Ny fangatahana fanaovana fianianana dia atolotra ny pitsara mahefa ary tsy maintsy voasonian' ny mpangataka sy ny pitan-tsoratra mpanatanteraka.

Ny fangatahana dia raisina sy soniavin' ny mpitsara mahefa, ketina ao amin' ny firaketan-tsoratry ny fitsarana eo amin' ny eram-ponenan' ny mpangataka ary omena dikany izay mangataka manan-jo amin' izany.

Raha toa ka tsy monina raikitra na maharitra eto Madagasikara ›o mpangataka, dia Antananarivo no tondroiny ho fonenana.

And. 27. – Ny fitanana an-tsoratra nataon' ny mpiasa sy ny anamboninahitra amin' ny fiarovana amin' ny taratra sy amin' ny naraha-maso ny faika voavaikan-taratra dia atao araka ny endrika ritan' ny "ANPSR".

LOHATENY III

**FEPETRA TETEZAMITA**

And. 28. – Ny departemantan' ny fandrefesam-patra sy ırovana amin' ny taratra ao amin' ny Ivotoeram-pirenena momba ı siansa sy teknika nokleary *(INSTN)* ary ny departemantan' ny antanana faika voavaikan-taratra ao amin' ny Ivotoeram-pirenena omba ny siansa sy teknika nokleary *(INSTN)* no hiantoka avy ny ıan' ny "OTR" sy ny "OCGDR" mandrapaha-tafatsangan' ny ANPSR".

LOHATENY IV

**FEPETRA FARANY**

And. 29. – Ireo fepetra rehetra teo aloha mifanohitra amin' ity dim-panjakana ity dia foana, indrindra ny didim-panjakana harana faha-93-243 tamin' ny 29 aprily 1993.

And. 30. – Ireo fepetra voalazan' ity didim-panjakana ity dia ›fenoina araka izay ilàna azy amin' ny alàlan' ny didim-pitondrana aon' ny Minisitra mpiahy.

And. 31. – Ny Praiminisitra Lefitra miandraikitra ny tantanam-bola sy ny Tetibola, ny Minisitry ny Asam-panjakana, ı Minisitry ny Fampianarana ambaratonga ambony, no ıpiandraiketina, araka ny tandrify azy avy, ny fanatanterahana ity dim-panjakana ity izay havoaka amin' ny *Gazetim-panjakan'* ny ›poblika.

Natao tao Antananarivo, ny 4 jolay 2002.

Ny Praiminisitra sady Lehiben' ny Governemanta :
Jacques SYLLA.

En outre, l'OTR et l'OCGDR perçoivent une partie des produits et amendes prononcées ou transigées jusqu'à hauteur de 20% du montant de ladite amende.

Art. 24. – Les agents officiers de radioprotection, les agents et officiers de contrôle des déchets radioactifs sont désignés par l'ANPSR sur proposition respective de l'OTR et de l'OCGDR.

Outre les personnes proposées par l'OTR et l'OCGDR, l'ANPSR peut désigner d'autres personnes qu'elle considère comme ayant la compétence nécessaire pour accomplir les contrôles en matière de radioprotection et/ou de gestion de déchets radioactifs.

La désignation des agents et officiers de radioprotection et des agents et officiers de contrôle de déchets radioactifs est entérinée par arrêté du Ministre de tutelle de l'ANPSR.

Art. 25. – Conformément à l'article 38 de la loi n° 97-041 du 2 janvier 1998, les agents et officiers de radioprotection et les agents et officiers de contrôle de déchets radioactifs doivent prêter serment avant leur prise de fonction.

Le serment est fait selon les termes de l'article 132 alinéa 2 du Code de procédure pénale.

Art. 26. – *La requête aux fins de prestation de serment est* présentée au magistrat compétent et doit être signée par les intéressés et le secrétaire exécutif.

Elle est reçue et signée par le magistrat compétent, enregistrée aux minutes du greffe du tribunal du domicile de l'intéressé et l'expédition est délivrée sur demande à qui de droit.

A défaut de résidence fixe ou permanente à Madagascar, les intéressés sont tenus d'élire domicile à Antananarivo.

Art. 27. – Les procès-verbaux des agents et officiers de radioprotection et de contrôle de déchets radioactifs sont établis selon les formes définies par l'ANPSR.

TITRE III

**DISPOSITIONS TRANSITOIRES**

Art. 28. – Le département de dosimétrie et radioprotection de l'Institut national des sciences et techniques nucléaires et le département de gestion des déchets radioactifs de l'Institut national des sciences et techniques nucléaires assureront respectivement les fonctions de l'OTR et de l'OCGDR jusqu'à la mise en place de l'ANPSR.

TITRE IV

**DISPOSITIONS FINALES**

Art. 29. – Toutes dispositions antérieures contraires au présent décret sont abrogées, notamment le décret n° 93-243 du 29 avril 1993.

Art. 30. – Les dispositions du présent décret seront complétées en cas de besoin par arrêté du Ministre de tutelle.

Art. 31. – Le Vice-Premier Ministre chargé des Finances et du Budget, le Ministre de la Fonction publique, le Ministre de l'Enseignement supérieur, sont chargés, chacun en ce qui le concerne, de l'exécution du présent décret qui sera publié au *Journal officiel* de la République.

Fait à Antananarivo, le 4 juillet 2002.

Par le Premier Ministre,
Chef du Gouvernement :
Jacques SYLLA.